



FIADIDIANA NY REPOBLIKA

FAMPITAM-BAOVAO

Masoivoho vaovaon'i Pologne eto Madagasikara : hanatsara ny fifandraisana ara-barotra eo amin'ny firenena roa tonta

Nanolotra ny taratasy manendry azy hiasa eto amintsika tamin'ny Filoham-Pirenena, ny masoivoho vaovaon'i Pologne eto Madagasikara, SEM Jacek Bazanski androany 15 may 2019.

Tamin'izany no nanambaran'ity masoivoho vaovao ity ny fanirian'i Pologne ny hampitombo bebe kokoa ny fifandrasaina ara-barotra eo amin'ny firenena roa tonta indrindra eo amin'ny fanondranana lavanilina. I Pologne kosa dia vonona hanampy an'i Madagasikara amin'ny fanomezana milina izay hanampy amin'ny fampiroboroboana ny vokatra eo amin'ny sehatry ny fambolena.

Sampan-draharahan'ny serasera sy ny fifandraisana
15-05-2019